Sahia Manao Fitarainana

Raha mànana olana na ahiahy ianao fa nisy ny fandikan-dalàna dia efa misy ny Fitsipi-pitondrantena sy ny Fehezan-dalàna napetrakay ho anao mba ahasahianao manao fitarainana.

Ny tanjonay dia ny handrisika ny fahalalahana ary hanohana ireo izay manana olana na dia hita fa diso aza izy ireo amin'izany. Na izany na tsy izany, mety hitarika amin'ny fandraisana fepetra ara-pitsipi-pifehezana ny olana hanendrikendrehana ny hafa.

Ny Fitsipi-pitondrantena sy ny Fehezan-dalàna ho an'ny Mpamatsy napetrakay dia azo jerena ao amin'ny intranet sy ao amin'ny: www.imperialbrandsplc.com. Azonao alefa mailaka amin'ny Governance.Team@impbrands.com ireo fanontaniana.

Misy fomba maro be ahafahanao manao fitarainana:

1. Manao Fitarainana eo an-Toerana

Raha maniry ny hanao izany ianao dia ampahafantaro ny mpitantana na ny ekipa misahana ny fampidirana hiasa ao amin'ny toeram-piasanao ireo olanao.

2. Manao Fitarainana amin'ny Vondrona

Raha misalasala ianao hilaza ny olanao amin'ny mpiara-miasa aminao eo an-toerana, na raha toa ka nilaza ireo olanao teo an-toerana ary mihevitra fa tsy mahafa-po ny valinteny azonao tao an-toerana dia azonao atao ny miresaka amin'olona ao amin'ny Vondrona, izay ahitana ny:

- Vondrona Mpitantsoratry ny Orinasa;
- Mpanaramaso ny Vola ao amin'ny Vondrona; na
- Ny Talen'ny Sampana Misahana ny Fampidirana hiasa ao amin'ny Vondrona.

Telefaonina: +44 (0)117 963 6636 ary lazao fa olana momba ny fahasahiana manao fitarainana no resaka.

Mety ihany koa raha tianao hosoratana an-tsoratra ny olanao . Hanampy anay tokoa ny filazanao anay ny fomba ahafahanay mamaly anao. Azonao alefa paositra na mailaka ireo olanao amin'ny:

Mpitantsoratry ny Vondrona, 121 Winterstoke Road, Bristol, BS3 2LL, United Kingdom Voamarika hoe: **'Manokana'**	Mailaka: speakup@impbrands.com.

3. Sahy Manao Fitarainana amin'ny alàlan'ny Fampiasana ny Expolink External Hotline

Azonao atao ihany koa ny misafidy ny hilaza ny olanao amin'ny alàlan'ny fampiasana ny tolotra mahaleontena tanteraka izay omen'nyExpolink, izay azo amin'ny alàlan'ny telefaonina, mailaka, tranonkala na amin'ny The SpeakingUp App. Azo atao ny manao izany tsy mitonona anarana raha izay no mety aminao kokoa. Manome antoka anao ny Expolink fa hoampitaina haingana any amin'ireo olona tokony handefasana izany ireo olanao:

- Miasa 24 ora isan'andro, 7 andro isan-kerinandro (afa-tsy ny 25 Desambra) ny Expolink Hotline. Miova isaky ny firenena ny laharan-telefaonina. Raha tsy fantatrao ny laharana marina dia jereo ireo toromarika peta-drindrina eo an-toerana na tsidiho nywww.expolink.co.uk, www.imperialbrandsplc.com na ny intranet-n'ny Vondrona

- Azo alefa mailaka any amin'ny Expolink ao amin'ny imperialbrands@expolink.co.uk ny tatitra.

- Ireo tatitra ampiasàna ny tranonkala dia azo alefa avy eo amin'ny tranonkalan'ny Expolink www.expolink.co.uk mampiasa ny faneho ahazoana miditra 'imperialbrands'

- Alaivo amin'ny alàlan'ny Apple App Store, Google Play na Microsoft ny The SpeakingUp App. Ampiasao ny kaody ahazoana miditra 'imperialbrands'.

Ny Toky omenay anao

Hotazominay araka izay tratra ho tsiambaratelo ny mombamomba anao sy ireo olanao. Na izany aza anefa, mba hahafahana manao fanadihadiana araka ny tokony ho izy dia mety ilaina ny fanambarana ny mombamomba anao sasany.

Azonao atao ny misafidy ny filazana ny olanao tsy mitonona anarana raha toa ka mamela izany ny lalàna misy eo amin'ny firenena iasanao.

Tsy mandefitra amin'ny famaliana faty atao amin'ny olona izay sahy manao fitarainana na manampy anay amin'ny fanadihadiana ataonay izahay.

Aogositra 2019